

PERIKOPA ALAHADY 01 Novambra 2026
(Péricope du Dimanche 01 Novembre 2026)

Salamo / Psalme 24
Malakia / Malachie 2 : 1 - 10
1 Tesaloniana / 1 Thessaloniens 2 : 8 - 13
Matio / Matthieu 23 : 1 – 12

« Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo.
Fa izay manandra-tena no haetry,
ary izay manetry tena no hasandratra. »
Matio 23.11-12

« Le plus grand parmi vous sera votre serviteur.
Celui qui s'élèvera sera abaissé
et celui qui s'abaissera sera élevé. »
Matthieu 23.11-12

SALAMO 24 (MRV)

- 1 An'NY TOMPO ny tany sy izay rehetra eo aminy, izao tontolo izao sy ny mponina eo aminy.
- 2 Fa Izy no manorina azy eo ambonin'ny ranomasina, eo ambonin'ny renirano no ampitoerany azy.
- 3 Iza no hiakatra any amin'ny tendrombohitry NY TOMPO ? Ary iza no hijoro ao amin'ny fitoerany masina ?
- 4 Izay madio tanana sy mahitsy fo, izay tsy manandratra ny fanahiny ho amin'ny lainga na mianiana hamitaka.
- 5 Handray fitahiana avy amin'NY TOMPO izy ary hahazo fahamarinana avy amin'Andriamanitra ny famonjena azy.
- 6 Izany no taranaka mitady Azy, izay mitady ny tavanao, dia i Jakoba !
- 7 Asandrato ny lohanareo, ry vavahady ! Misandrata ianareo, ry varavarana fahagola, mba hidiran'ny Mpanjakan'ny voninahitra !
- 8 Iza izao Mpanjakan'ny voninahitra izao ? NY TOMPO mahery Tsitoha, NY TOMPO mpiady mahery.
- 9 Asandrato ny lohanareo, ry vavahady ! Misandrata ianareo ry varavarana fahagola, mba hidiran'ny Mpanjakan'ny voninahitra !
- 10 Iza ary izao Mpanjakan'ny voninahitra izao ? Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao, Izy no Mpanjakan'ny voninahitra !

PSAUME 24 (S21)

- 1 *C'est à l'Eternel qu'appartient la terre avec tout ce qu'elle contient, le monde avec tous ceux qui l'habitent,*
- 2 *car il l'a fondée sur les mers et affermie sur les fleuves.*
- 3 *Qui pourra monter à la montagne de l'Eternel ? Qui pourra se tenir dans son lieu saint ?*
- 4 *Celui qui a les mains innocentes et le cœur pur, celui qui ne se livre pas au mensonge et qui ne fait pas de serments trompeurs.*
- 5 *Il obtiendra la bénédiction de l'Eternel, la justice du Dieu de son salut.*
- 6 *Telle est la génération de ceux qui te cherchent, qui aspirent après toi, Dieu de Jacob !*
- 7 *Portes, élevez vos linteaux ! Elevez-vous, portes éternelles ! Que le roi de gloire fasse son entrée !*
- 8 *Qui est ce roi de gloire ? L'Eternel, si fort et si puissant, l'Eternel puissant dans les combats !*
- 9 *Portes, élevez vos linteaux ! Elevez-les, portes éternelles ! Que le roi de gloire fasse son entrée !*
- 10 *Qui donc est ce roi de gloire ? L'Eternel, le maître de l'univers : c'est lui le roi de gloire !*

MALAKIA 2 : 1 - 10 (MRV)

Didy ho an'ny mpisorona

- 1 Ankehitriny ry mpisorona, ho anareo izao didy izao :
- 2 Raha tsy mihaino Ahy ianareo, raha tsy mandatsaka am-po ka tsy manome voninahitra ny anarako ianareo, hoy Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao, dia halefako hamely anareo ny ozona ka hozoniko ny tsodrano ataonareo; eny, efa voaozoko sahady izany satria tsy nandatsaka am-po ianareo.
- 3 Indro, hasiako teny mafy ny voa afafinareo ary hofafazako tain-droroaha ny tavanareo, dia ny tain-droroaha avy amin'ny andro firavoravoanareo; ary hailika miaraka aminy ianareo.
- 4 Dia ho fantatrarao fa nampitondra izany didy izany ho aminareo Aho mba haharetan'ilay fanekeko tamin'i Levy, hoy Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao.
- 5 Ny fanekeko taminy dia fiainana sy fiadanana, ary nomeko azy ho fahatahorana izany ka natahotra Ahy sy nangovitra teo anatrehan'ny anarako izy.
- 6 Ny lalànan'ny fahamarinana no teo am-bavany ary tsy mba nisy tsy fahamarinana teo amin'ny molony; tamin'ny fiadanana sy ny fahitsiana no niarahany nandeha tamiko, ary maro no niverina niala tamin'ny heloka.

7 Fa ny molotry ny mpisorona dia tokony hitahiry fahalalana, ary ny lalàna dia hotadiavina eo am-bavany, satria izy dia irak'Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao.

8 Fa efa nivily lalana kosa ianareo sady nanafintohina olona maro ny amin'ny lalàna ary namadika ilay fanekena tamin'i Levy, hoy Andriamanitra, Tompon'izao rehetra izao.

9 Izaho kosa dia efa nanolotra anareo ho fanimbazimba sy ho fanao tsinontsinona eo anatrehan'ny vahoaka rehetra, noho ny tsy nitandremanareo ny lalako sy ny nizahanareo tavan'olona eo amin'ny fampiharanareo ny lalàna.

Fivadihana amin'ny fanekena

10 Tsy mpiombona ray va isika rehetra ? Tsy Andriamanitra iray ihany va no nahary antsika ? Koa nahoana no samy mivadika amin'ny rahalahintsika avy isika ka mamadika ny faneken'ny razantsika ?

MALACHIE 2 : 1 - 10 (S21)

1 Maintenant, prêtres, ce commandement est pour vous !

2 Si vous n'écoutez pas, si vous ne prenez pas à cœur de donner gloire à mon nom, dit l'Eternel, le maître de l'univers, j'enverrai parmi vous la malédiction et je maudirai vos bénédictions. Oui, je les maudirai, parce que vous ne prenez pas cela à cœur.

3 Me voici, je menace votre descendance et je vous jetterai des excréments au visage, les excréments des victimes que vous sacrifiez, et on vous emportera avec eux.

4 Vous saurez alors que je vous ai adressé ce commandement afin que mon alliance avec Lévi subsiste, dit l'Eternel, le maître de l'univers.

5 Mon alliance avec lui était une alliance de vie et de paix; je les lui ai données pour qu'il me craigne, et il a eu pour moi de la crainte, il a tremblé devant mon nom.

6 La loi de vérité était dans sa bouche, on ne trouvait pas d'injustice sur ses lèvres. Il a marché avec moi dans la paix et dans la droiture, et il a détourné beaucoup d'hommes du mal.

7 En effet, les lèvres du prêtre sont les gardiennes de la connaissance, c'est à sa bouche qu'on demande la loi, parce qu'il est un messenger de l'Eternel, le maître de l'univers.

8 Mais vous, vous vous êtes écartés de cette voie, vous en avez fait trébucher beaucoup par le moyen de la loi, vous avez violé l'alliance de Lévi, dit l'Eternel, le maître de l'univers.

9 Et moi, je vous livrerai au mépris et à l'humiliation aux yeux de tout le peuple parce que vous n'avez pas gardé mes voies et que vous faites preuve de partialité dans l'application de la loi.

Mariages mixtes et divorces

10 N'avons-nous pas tous un seul père ? N'est-ce pas un seul Dieu qui nous a créés ? Pourquoi donc sommes-nous infidèles l'un envers l'autre en violant l'alliance de nos ancêtres ?

1 TESALONIANIA 2 : 8 - 13 (MRV)

8 dia toy izany no nampahazoto anay, noho ny fitiavanay anareo indrindra, dia ny hanome ho anareo, tsy ny Filazantsaran'Andriamanitra ihany fa ny ainay koa aza, satria efa malalanay ianareo.

9 Tsaroanareo, ry rahalahy, ny fikelezanay aina sy ny fisasaranay; fa niasa andro aman'alina izahay mba tsy hahavaky tratra na dia olona iray akory aza taminareo, raha nitory ny Filazantsaran'Andriamanitra taminareo.

10 Samy vavolombelona ianareo sy Andriamanitra fa masina sy marina ary tsy nanan-tsiny tokoa ny fitondrantenanay teo imasonareo izay mino.

11 Fantatrareo koa fa tahaka ny ray amin'ny zanaka no nampirisihanay sy nampiononanay anareo tsirairay avy sy nananaranay mafy anareo

12 mba handehananareo mendrika an'Andriamanitra izay miantso anareo ho amin'ny fanjakany sy ny voninahiny.

13 Noho izany, izahay koa, dia tsy mitsahatra misaotra an'Andriamanitra satria rehefa nandray ny tenin'Andriamanitra izay notorinay ianareo dia tsy noraisinareo ho tenin'olona izany fa araka izay marina, dia ny tenin'Andriamanitra izay miasa ao anatinareo izay mino koa.

1 THESSALONICIENS 2 : 8 - 13 (S21)

8 nous aurions voulu, dans notre vive affection pour vous, non seulement vous donner l'Evangile de Dieu, mais encore notre propre vie, tant vous nous étiez devenus chers.

9 Vous vous rappelez, frères et sœurs, notre peine et notre fatigue: c'est en travaillant nuit et jour, pour n'être à la charge d'aucun d'entre vous, que nous vous avons prêché l'Evangile de Dieu.

10 Vous en êtes témoins, et Dieu l'est aussi: nous nous sommes comportés envers vous qui croyez d'une manière sainte, juste et irréprochable.

11 Vous savez aussi que nous avons été pour chacun de vous ce qu'un père est pour ses enfants:

12 nous vous avons encouragés, réconfortés et suppliés de marcher d'une manière digne de Dieu, qui vous appelle à son royaume et à sa gloire.

13 C'est pourquoi nous disons sans cesse à Dieu toute notre reconnaissance de ce que, en recevant la parole de Dieu que nous vous avons fait entendre, vous l'avez accueillie non comme la parole des hommes, mais comme ce qu'elle est vraiment: la parole de Dieu agissant en vous qui croyez.

MATIO 23 : 1 – 12 (MRV)

Ny fampitandreman'i Jesosy ny amin'ny mpanoradalàna sy ny Fariseo

1 Ary tamin'izany Jesosy dia niteny tamin'ny vahoaka sy tamin'ny mpianany hoe:

2 Eo amin'ny fitoeran'i Mosesy no ipetrahan'ny mpanoradalàna sy ny Fariseo ;

3 koa amin'izany, izay rehetra lazainy dia ataovy ka tandremo; fa aza mba manao araka ny asany, satria miteny ihany izy nefa tsy manatanteraka.

4 Eny, mamehy entana izay sady mavesatra no sarotra entina izy ka mametraka izany eo amin'ny soroky ny olona, nefa ny tenany dia tsy mety manetsika izany na dia amin'ny rantsantanany iray aza.

5 Ary ny asany rehetra dia ataony mba ho hitan'ny olona; fa ataony lehibe ny filakiterany ary ataony vaventy ny morontongotr'akanjony.

6 Ary tia ny fitoerana eny anoloana any amin'ny fanasana, sy ny fipetrahana eny anoloana eo amin'ny sinagoga izy

7 ary koa ny hoarahabain'ny olona eny an-tsena sy ny hataon'ny olona hoe : Raby ô !

8 Fa ianareo kosa dia aza mba mety hatao hoe : Raby ô; fa iray ihany no Mpampianatra anareo ary ianareo rehetra dia mpirahalany avokoa.

9 Aza milaza olona etỳ an-tany ho rainareo koa; fa iray ihany no Ray dia izay any an-danitra.

10 Ary aza mba mety antsoina hoe mpitarika ianareo; fa iray ihany no Mpitarika anareo dia Kristy.

11 Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo.

12 Fa izay manandra-tena no haetry, ary izay manetry tena no hasandratra.

MATTHIEU 23 : 1 – 12 (S21)

1 Alors Jésus s'adressa à la foule et à ses disciples

2 en disant: «Les spécialistes de la loi et les pharisiens se sont faits les interprètes de Moïse.

3 Tout ce qu'ils vous disent [de respecter], faites-le donc et respectez-le, mais n'agissez pas comme eux, car ils disent et ne font pas.

4 Ils lient des fardeaux pesants et les mettent sur les épaules des hommes, mais ils ne veulent pas les remuer du doigt.

5 Toutes leurs actions, ils les font pour se faire remarquer des hommes. Ainsi, ils portent de grands phylactères et allongent les franges [de leurs vêtements].

6 Ils aiment occuper la meilleure place dans les festins et les sièges d'honneur dans les synagogues.

7 Ils aiment être salués sur les places publiques et être appelés par les hommes 'Maître, [Maître]'.

8 Mais vous, ne vous faites pas appeler maîtres, car un seul est votre maître, [c'est le Christ,] et vous êtes tous frères.

9 N'appellez personne sur la terre votre père, car un seul est votre Père, c'est celui qui est au ciel.

10 Ne vous faites pas appeler chefs, car un seul est votre chef, c'est le Christ.

11 Le plus grand parmi vous sera votre serviteur.

12 Celui qui s'élèvera sera abaissé et celui qui s'abaissera sera élevé.